TATITRY NY ATRIKASA HO AMIN'NY "FAMETRAHANA DRAFITRASA KAOMINALY MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA HO AN'NY KAOMININA MANAMBINA » ny 16 hatramin'ny 18 novambra 2011

Efitrano fivoriana, Kaominina ambanivohitra Manambina, Distrika Miandrivazo, Faritra Menabe

MADAGASIKARA

Sary 1: (à integer)

Fizahan-takelaka

FAMINTINANA ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

ZAVA-MISY ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

FIZOTRY NY ATRIKASA ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

VOKATRA ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

DINGANA MANARAKA ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

Tovana

- A - Programa
- B – Lisitry ny mpandray anjara
- C – Drafitrasa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra mihatra amin'ny vehivavy
- D- Tombana

FAMINTINANA

- Dingana, Daty, toerana

Dingana faha-03 no notanterahana ny 16 hatramin'ny 18 novambra 2011 tao amin'ny Kaominina ambanivohitra Manambina.

- Anaran'ny manampahefana nanatrika nandritry ny fanokafana ofisialy sy ny lahateniny

Nahitana ny Ben'ny Tanana, RAKOTONDRASOA Franklin ; ny solontenan'ny lehiben'ny "Poste avancé" zandarmariam-pirenena, LEANDRE ireo manampahefana nanotrona. Ny Ben'ny tanana no nanokatra ny fotoana, nirary soa sy niarahaba ireo mpandray anjara rehetra ary nankasitraka ny fahatongavan'ny mpampiofana hitondra fandrosoana sy fiovan'ny fomba fisainana ho an'ny Kaominina ary indrindra ny vehivavy izay ho voajery manokana. Naneho ny fahavononana hiroso amin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ny Ben'ny Tanana izay misolo tena ny Kaominina. Ny fahitana ny hery velona tonga dia manambara hoy ny Ben'ny Tanana fa vonona handray an-tanana ny fampandrosoana ny Kaominina Manambina.

- Firafitry ny programa (jereo tovana A)

Ny andro voalohany sy ny faharoa dia nihaonana tamin'ny ekipa eo anivon'ny Kaominina dia ny birao mpanatanteraka, ny mpanolontsaina ary mpiasa tsotra.

Nandritra ireo andro telo nifanesy kosa dia namolavola ny drafitrasa hametrahana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra niarahana tamin'ireo herivelon'ny Kaominina. Nozaraina isan-tarika ny mpiofana ka tarika 3 no nifampizarana ny asa. Narahina ady hevitra sy fanitsiana ny drafitrasa norafetina.

Ny andro farany dia nanolotra ny drafitrasa tamin'ireo solontenam-pokonolona ireo mpiofana niasa isa-tarika ka nandray ny fanamarinana avy amin'ny mpanatrika.

- Mpandray anjara (ohatra: Mpanolontsaina, mpanatanteraka, fiaraha-monim-pirenena, Fikambanana, Fiangonana), jereo tovana B

Voasolo tena avokoa ireo ekipa kaominaly nanomboka tamin'ny birao mpanatanteraka, ny mpanolontsaina ary ny mpiasa izay andoavan'ny Kaominina vola ankoatra ny avy ao amin'ny CSB II teo an-toerana.

- Drafitrasa, jereo tovana C

Nohazavaina ny fomba famenoana ny drafitrasa izay miainga amin'ny fototra iaingana ahafahana mamaritra ny tanjona fototra ametrahana ireo asa atao sy ny tompon'andraikitra ahazoana tondro mazava milaza vokatra anaty fe-potoana ary ahitana teti-bola na tsia satria tsy voatery hampiasam-bola ny asa atao.

- Tombana, jereo tovana D

Amin'ny ankapobeny dia tafita ny hafatra fototra iompanan'ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ary tsapa fa efa mangetaheta ny fipetrahan'ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ny mponina indrindra fa eo amin'ny lafiny fanabeazana sy ny sosialy no asian-teny.

Irin'izy ireo ny hanohizana sy handalinana misimisy kokoa ny miralenta ary hihatra avy hatrany ireo tapaka tamin'ny drafitrasa fa tsy lasa resaka fotsiny ihany.

ZAVA-MISY:

- ## Tantara tsotra ny GL

Manambina dia Kaominina ambanivohitra iray ao amin'ny Distrikan'i Miandrivazo, Faritra Menabe, mirefy eo amin'ny 598,523 km, misy mponina 12.692 ary manana Fokontany 10. Izy dia lalovan'ny Lalam-pirenena faha-34 (RN34) mihazo an'i Morondava, ary miala 85 km an'i Miandrivazo renivohitra.
Anisan'ireo olana goavana atrehan'ny Kaominina ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra izay mahatratra 87 % ny mponina, ny famatsiana rano fisotro madio ary ny herinaratra satria tsy manana afa-tsy « panneau solaire » iray ny tanana izay mamatsy ny biraon'ny Kaominina sy ny lalana mihazo ny birao.

Ny fanadihadiana natao dia nahitana ireto fotodrafitr'asa ireto :

- Trano fiangonana : EKAR, FLM, FJKM, JESOSY MAMONJY
- Terrain de foot
- Salle de video (3)
- CSB II
- EPP (5)
- Poste avancé zandarmaria
- Orinasa SOCTAM (paraky)
- Tsena kely

Ireo zava-misy hafa manamarika ny Kaominina :

- Chute d'Angodongodona
- Club, association sportive (4)
- Sport traditionnel : MORAINGY
- Couverture : TVM, RNM, Airtel, Orange
- Artisanat : tresses, paniers

FIZOTRY NY ATRIKASA

- Fizotry ny atrikasa nanomboka teny am-piandohana ka hatramin'ny nifarananany

Nosokafan'ny Ben'ny Tanana ny fivoriana rehefa avy nanazava sy namintina tamin'ny mpanatrika izy ny anton'ny fiofanana sy ny fivoriana nandritry ny andro maromaro.

Roa (2) ny tantsoroka avy amin'ny SAHA (mpitantsoroka) nanatrika sy nanohana nandritry ny fiofanana dia Andriamatoa RAKOTONIRAINY – PSA sy Ramatoa RAZANADRAVAO Marie Josephine.

Tsy lavorary ny fitaovana nampiasana noho ny tsy fahampian'ny fifandraisana sy ny tsy fanarahana ny toro-marika teny am-piandohana (boky 20 isaky ny Kaominina) : ohatra 06 no boky voaray, tsy nisy dépliant afaka nozaraina tamin'ny mpiofana nanamafisana ny Tondrozotra FAA, tsy nisy kapila mirakitra ny FAA. Raha nozohiana ny fototr'olana dia niainga tamin'ny fitomboan'ireo Kaominina hiasana izay teny am-piandohana dia valo (08) ihany ka tsy naharaka ireo fitaovana nanohanana ny fiofanana.

Nanao asa isa-tarika ny mpiofana izay noezahana nampifangaroana mba hampivelatra kokoa ny hevitra sy hampisy ny ady hevitra. Notanterina tamin'ny mpizaika ny asa isa-tarika nahafahana nandroso soso-kevitra sy fanitsiana mifanaraka amin'ny filàn'ny Kaominina.

Toy ny tamin'ny asa isa-tarika natao tamin'ny fandrafetana ny drafitrasa dia nifandimby ireo mpiofana nanolotra sy nanazava tamin'ny solontenam-pokonolona ny asa atao ao anatin'ny drafitrasa kaominaly momba ny fametrahana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra izay notsindrian'ny mpampiofana mafy ny fanazavana izany.

Nisy ireo nangataka ny hanohizana hatrany ny fiofanana sy ny famadihana izany ho asa ary hivelatra amin'ny lafiny hafa izay mampangetaheta ny mponina.

Resy lahatra ny mpiofana fa misy ireo fomba amam-panao izay mitarika amin'ny herisetra ary tokony ahitsy fa tsy voatery arahina am-bokony, ohatra amin'izany ny fanokanana trano ny zazavavy rehefa mianika ny faha-12 taonany izy ka mitsiry nono ; io dia manome vahana ny fanararaotana ara-nofo mety ahazo ny zazavavy noho izy voatery hikaroka vola hamelomany tena.

Nofaranan'ny Ben'ny tanana tamin'ny fomba ofisialy ny atrikasa rehefa vita ny tatitra sy ny fandaminana ny ho tohin'ny fandaharana, nanantitrantitra izy mba tsy ho rano raraka an-tany ny fiofanana izay natao teto anivon'ny Kaominina sy ny tahirin-kevitra ary ho mpitarika sy ho fitaratra ireo izay nanaraka ny fiofanana satria izy ireo no komity hajoro hisahana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra. Natsangana avy hatrany ireo Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra tamin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra.

FAMINTINANA

Nizotra an-tsakany sy an-davany amin'ny ankapobeny ny fiofanana ary nanao izay azo atao ny mpampiofana na dia nisy lesoka madinika aza toy ny fahataran'ny fotoana satria misy ireo mpiofana no mody lavitra (15 km miala ny renivohitry ny Kaominina) ka nampiovaova ny fitsinjarana ny fotoana, teo ihany koa ny fitazonana mandritry ny andro maromaro ireo mpiofana ireo miasa saina noho ny fanafihan-daholo misesisesy.

- Famintinana isaky ny lohahevitra miampy ireo vokatry ny fampiasana sy ny asa isa-tarika

LOHAHEVITRA 1
NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA

Tanjona : Fampahafantarana ny mpandray anjara ny votoatin'ny FAA
Fomba fiasa : fitantarana ny FAA araka ny voarakitry ny QUIZ
Tantara fohy :
Nentanina hihaino tsara ny tantara ireo mpiofana ahafahana mameno ny QUIZ.

Famenoana GMDC sy Quiz

LOHAHEVITRA 2
HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA

Tanjona : Fanavahana ny mahalahy sy mahavavy, ny Miralenta
Fanasongadinana ireo hevitra raiki-tapisaka novolavolain'ny FM
Fomba fiasa : cartonnette, asa isa-tarika
Toetra voajanahary mahalahy na mahavavy

- Lehilahy: tsy misy nono, tsy bevohoka, misy volom-bava ary tsy miteraka, atao tapakanaka (didim-poitra), manasombika, misy filahiana, vaky feo.
- Vehivavy : mindravoka, loharano nisehoana, misy fivaviana, mety bevohoka, misy nono, misy fadim-bolana.

Miralenta : ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy afaka manao ny asa rehetra andavanandro fa fanavahana avy amin'ny fiaraha-monina no tsy mampirindra izany. Ka mametraka ny hevitra raiki-tapisaka.

Ireo hevitra raiki-tapisaka novolavolain'ny fiaraha-monina :

Groupe 1: HIRA

- Tsiliva,
- Black Nadia,
- Maman'I Cocktail (Firmin),
- Ikala Jeannine (Ny Ainga),
- Soa ny manan-droa (Raindimby),
- Tsy zakan'ny fony (Lola),
- Samy mibarakay (Jean Aimé)

Groupe 2 : OHABOLANA/OHA-PITENENANA

LAHY:

- Ny lehilahy tsy kivimila,
- Akanga lahy tsy mitariky anaka,
- Ny lehilahy tsy boka herintaona

VAVY:

- Ny ampela tsy very mandeha (afaka mivaro-tena),
- Akoho vavy maneno

Groupe 3: TANTARA SY LOVAN-TSOFINA

LAHY:

- Ny lehilahy no maka ny vehivavy,
- Ny lehilahy no nahitana tafika mpiady voalohany,
- Ny lehilahy no nahitana Filoham-pirenena maneran-tany

VAVY:

- Ny vehivavy miandry alaina fa tsy maka lehilahy na vady,
- Faramalemy sy Ikotobekibo

Groupe 4: FOMBA AMAM-PANAO :

- Tsy hainareo ampela zao (mizahozaho),
- Mampirafy vita fomba ny lehilahy,
- Mila ampela ndre manambady,
- Ny vehivavy tsy mamonjy lanonana fa mitaiza,
- Tsy mità hazomanga,
- Mihinana eky ny lehilahy vao mihinana ny vehivavy

Groupe 5: FIVAVAHANA :

LAHY:

- Ny lehilahy no noforonina voalohany (Adama),
- Ny mpaminany rehetra teo aloha dia lehilahy avokoa (Abrahama, Mosesy,...),
- I Jesosy dia lehilahy,
- Ireo mpianatr'i Jesosy dia lehilahy avokoa,
- Ao amin'ny Baiboly : ny lahy no lohan'ny tokantrano,

- Taolan-tehezan'ny lehilahy no nitondran'i Jehovah ny famoronana ny vehivavy

VAVY:

- Ny vehivavy noforonina faharoa (Eva),
- Ry vehivavy maneke ny vadinareo,
- Ny vavy hanaja ny lahy

LOHAHEVITRA 3
MIRALENTA SY FITONDRAM-PANJAKANA

Tanjona : Fandrisihana ny vehivavy handray andraikitra sy hilatsa-ko hofidiana mba hitondra fanovana sy hampandroso

Fomba fiasa : asa isa-tarika, ady hevitra

FIDIRANA

a. Sakana:

- Tsy fahaizana taratasy,
- Tsy fahatokisan-tena noho izy tsy ampy traikefa sy niainana efa ela loatra,
- Ny vesatr'ireo anjara asa ao an-tokantrano izay tsy ahafahany misahana andraikitra hafa ankoatry ny fitadiavana,
- Tsy fananana antoko politika,
- Tsy fananana kopia sy kara-panondro,
- Fanabokana (namana samy vehivavy),
- Henatra,
- Sakana ataon'ny vadiny na dia mazoto aza ny vehivavy dia tsy avelan'ny lehilahy

b. Vahaolana:

- Mianatra mamaky teny sy manoratra,
- Miditra anaty fikambanana,
- Miezaka hanao kopia sy kara-panondro,
- Mila fahasahiana (resena ny henatra),
- Ifampizarana ny asa ao an-trano,
- Miezaka mandresy lahatra ny namana sy ny vady,
- Mila mamonjy fivoriana (Fkt, Kaominina)

FANDRAISANA ANJARA

a. Sakana :

- Vitsy an'isa dia tsy maro ny namany ampela
- Tsy mita hazomanga (fomba amam-panao),
- Fampihorohoroana amin'ny maha-ampela azy (politika),
- Tsy mbola resy lahatra amin'ny miralenta ny lehilahy

b. Vahaolana:

- Mila QUOTA,
- Mila mandray fandrosoana aby,
- Fampiharana lalana miaro ny zon'ny vehivavy,
- Fanamafisana fanentanana ny miralenta

FANOVÀNA

a. Sakana:

- Vitsy ny vehivavy mandray andraikitra,
- Tsy misy lalana manan-kery manome tombony ny vehivavy,
- Fanaovana ankilabao ny vehivavy, ohatra: tsy ampianarina ny vehivavy fa ny lehilahy ihany no atosika,
- Betsaka loatra ny tahan'ny tsy mahay mamaky teny sy manoratra

b. Vahaolana:

- Fanovana foto-pisainana, ohatra: ny vehivavy te handray andraikitra nefa ny vadiny saro-piaro,
- Famoahana lalana manome vahana ny fampandraisana andraikitry ny vehivavy, ohatra: ferana ny isan'ny vehivavy mpikambana ao amin'ny gouvernemanta,
- Fanentanana ny miralenta miainga amin'ny tokantrano tsirairay,
- Hatevenina sy hamoraina ny fampianarana olon-dehibe

LOHAHEVITRA 7
FAMOLAVOLANA DRAFITRASA HAMPIROBOROBOANA NY MIRALENTA

Tanjona : Fametrahana drafitrasa kaominaly momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra izay ahafahan'ny Kaominina manasongadina ireo fanao tsara (bonnes pratiques)
Fomba fiasa : asa tarika, adi-hevitra

Nohazavaina ny fomba famenoana ny drafitrasa izay miainga amin'ny fototra iaingana ahafahana mamaritra ny tanjona fototra ametrahana ireo asa atao sy ny tompon'andraikitra ahazoana tondro mazava milaza vokatra anaty fe-potoana ary ahitana teti-bola na tsia satria tsy voatery hampiasam-bola ny asa atao.

VOKATRA

Nivoitra tamin'ny vokatry ny atrikasa ny fahavitan'ny **Drafitrasa miralenta sy ady amin'ny herisetra voahitsy sy voatolotra (tovana C)**

DINGANA MANARAKA

DINGANA 5 : Serasera sy teknolojia vaovao
DINGANA 6 : Fampandrosoana ara-toekarena sy ny Miralenta
DINGANA 7 : Fiovaovan'ny toetr'andro sy ny Miralenta
DINGANA 8 : 16 andro hiadiana amin'ny herisetra
DINGANA 9 : Fifaninana nasionaly
DINGANA 10 : Fifaninana rezionaly

Tovana A: **ATRIK'ASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
Firenena: Madagasikara
Kaominina: MANAMBINA
Toerana: efitrano malalaky ny Kaominina
Daty: 14-19/11/2011

Ora	Fandaharana	Tompon'andraikitra
14/11/2011		
10h00-10h45	Fandraisana sy fifankahafantarana	Ben'ny Tanàna Mpampiofana
10h45-11h15	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanàna
11h15-12h15	Fanazavana ny fiaraha-miasa (SAHA, GL, AESG) sy ny fizotry ny fiofanana ary ny dingana	Mpampiofana
12h30	**Sakafo**	
14h-16h	Fitsidihana ny Kaominina	Mpampiofana
15/11/2011		
08h00-09h15	Fanazavana ny famenoana ireo formulaires (etudes des attitudes, cartes des scores)	Mpampiofana
10h30-12h30	Famenoana ny etudes des attitudes Fifanakalozan-kevitra	Mpampiofana
12h30-13h	**Sakafo**	
13h-16h	Famenoana ny cartes des scores Fifanakalozan-kevitra Tsiahy sy tsidiky ny fandaharana ny ampitso	Mpampiofana
16/11/2011		
08h-10h	Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Mamaky ireo tahirin-kevitra anaty Quiz GMDC-Quiz	Mpampiofana
10h00-12h30	Loh 2: Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta: -ireo toetra voajanahary mahalahy na mahavavy -stereotypes: toetra raiki-tapisaka novolavolain'ny fiaraha-monina Tatitry ny atrik'asa isa-tarika Ady hevitra	Mpampiofana
12h30-13h	**Sakafo**	
13h-16h	Loh 3: Miralenta sy Fitondrampanjakana: -fidirana -fandraisana anjara -fanovana Tatitry ny atrik'asa isa-tarika Ady hevitra	Mpampiofana
17/11/2011		
08h00-10h	Loh 7: famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony	Mpampiofana

	Tatitry ny atrik'asa isa-tarika Ady hevitra	
10h00- 12h30h	Fizarana tarika: -G1 sy G2: drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta -G3: drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony Asa isa-tarika	Mpampiofana Mpiofana
12h30-13h	**Sakafo**	
13h-16h	Asa isa-tarika	Mpampiofana Mpiofana
18/11/2011		
08h-12h	Asa isa-tarika	Mpampiofana Mpiofana
12h-13h	**Sakafo**	
13h-16h	Asa isa-tarika	Mpampiofana
19/11/2011		
08h-12h	Tatitra isa-tarika sy ady hevitra	Mpampiofana Mpiofana
12h-13h	**Sakafo**	
13h-16h	Fananganana ireo Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra Famaritana ny daty hanaovana ny hetsika 16 Days	Mpampiofana Mpiofana Kaominina

Tovana B:

Fandaharana: STAGE 3
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana : MANAMBINA
Daty: 16-19/10/2011
FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Sexe	Andraikitra sahanina	tel
01	RAKOTONDRASOA Franklin	L	Ben'ny tanana	033.17.248.04
02	RATOMANA	L	Filohan'ny Filankevitra	
03	RAZAKANDRAINY Arson	L	Lefitry ny ben'ny tanana	033.41.986.83
04	BOTO Albert	L	Filoha lefitry ny Filankevitra	
05	FILAORA Justine	V	Mpanolontsaina	
06	TSIRISOA	L	Mpanolontsaina	
07	RAZAFIMANDIMBY Marie Julie	V	Mpitahiry vola / Mpitantam-bola	033.74.308.61
08	RANDRIANARISON Félicien	L	Sekretera Etat civil	033.61.102.42
09	RAFARAVAVY Marie Françoise	V	sekretera administratifa	
10	TSIVINIRA Laurent	L	Coursier	
11	TSITERA	L	Sefo FKT Ambararata	
12	DAMA	L	Sefo FKT Besakoa	
13	LEANDRE	L	Zandarmariam-pirenena	033.08.553.60
14	RAVOLOLOARIMANANA Dalia Odette	V	Filoha VEMIMA	033.20.601.17
15	NOROSOA	V	Mpikambana VEMIMA	
16	JAOBERY Meltine Georgette	V	Mpitan-tsoratra	033.28.881.54
17	RASOLOFOTIANA Ambealin	L	Diakona FJKM	033.25.795.63
18	LELAITSARA	L	Sefo Fkt Soatanimbary	
19	RAHARIMANANA Pascaline	V	Socio-orga AD2M	033.41.054.70
20	CATHERINE	V	Filoha HAINGOSOA	
21	RAZAIARIVELO	V	Mpikambana VEMIMA	
22	LISY RAVONY Marie	V	Mpikambana VEMIMA	033.05.993.81
23	RASOANIRINA Celestine	V	Mpikambana VEMIMA	

24	RAZAFINIRINA Barany Olga	V	Mpikambana VEMIMA	
25	MANAMPY Simone Lydia	V	Mpitam-bola VEMIMA	
26	RANDRIATSARAFARA J.	L	Pastora FLM	033.79.290.90
27	SOAROZY	V	Mpikambana VEMIMA	
28	JAOBERY Gertrude Marovavy	V	Mpikambana VEMIMA	
29	MARIE ODILE	V	Mpikambana HAINGOSOA	
30	ADIVIGE Hélène	V	Mpikambana VEMIMA	

Tahan'isa:

VAVY	17	57%
LAHY	13	43%
TOTALINY	**30**	**100%**

Tovana C: Gender Action Plan for the Local Government of Antanamitarana council

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- ***Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola** – Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fametrahana drafitr'asa ara-politika momba ny Miralenta eto amin'ny Kaominina.	Fanentanana ny mponina	- Kaominina - Fokontany - AKS (Ankolafin-kery samihafa) - Fikambanana	Tsy misy ny drafitr'asa momba ny Miralenta	Fantatry ny rehetra ny fisian'ny politikan'ny Miralenta	Novambra – desambra 2011	*Kaominina Fkt*
	Fitetezana Fokontany					
	Fananganana Komity momba ny Miralenta.			Tafatsangana ny Komity momba ny Miralenta		
	Fampiofanana ny Komity isam-pokontany	- Kaominina - Fokontany - mpiara-miombon'antoka - Komity	Tsy mahalala ny andraikitra ho sahaniny ny Komity	Voahofana ary mahafehy ny fiofanana azony ny Komity	Desambra 2011	
I. FITANTANANA						
Representation						
Fampitombona ny isan'ny vehivavy mpanolontsaina amin'ny fifidianana manaraka mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy eo	Fandresen-dahatra mba hitovy ny isan'ny vavy sy lahy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra eo anivon'ny ny Kaominina, sns	- Kaominina - Fikambanana - Fokontany - Mpanao politika - Komitin'ny Miralenta	Vitsy ny vehivavy mandray andraikitra anivon'ny Kaominina	2/5 ny vehivavy mandray anjara ao anatin'ny rafi-pitantanana	2012	*Kaominina Mpanao politika*
	Fanentanana ny vehivavy					

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
amin'ny kaominina alohan'ny taona 2015.	hiditra anaty Fikambanana sy hisedra fifidianana			Antotan'isa eo anivon'ny Kaominina sy ny Fokontany momba ireo Fikambanana mijoro		
Fandraisan anjara						
Fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy satria ny filan'izy ireo dia matetika lasa ankila bao na saron'ny filana na tanjon'ireo antoko politika.	Fahazoana antoka fa mitovy ny fandraisan nanjaran'ny vavy sy ny lahy amin'ireo fivoriana atao ny kaominina.	- Kaominina - Fokontany - Mpanao politika - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana	Tsy ampy ny sehatra ahafahan'ny vehivavy mandray anjara.	Fahavitrian'ny vehivavy mandray anjara amin'ny fivoriana sy fifidianana.	2011 - 2012	*Kaominina*
	Fahazoana antoka fa nisy akony ny anjara noraisin'ny vehivavy teo amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Kaominina.			Mihamitombo ny tahan'ny vehivavy manana andraikitra amin'ny rafitra isan'ambaratonga		
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fahazoana antoka fa 2/5 ny vehivavy mandray andraikitra eo anivon'ny Kaominina.	-Fanentanana sy famporisihana ny vehivavy.	- Kaominina - Fokontany - Mpiara-miombon'antoka - Komity	Efa misy fa vitsy ny vehivavy mandray andraikitra.	1/5 ny vehivavy mandray andraikitra.	2011 - 2012	*Kaominina*
	Fandresen-dahatra ny lehilahy hampihatra ny Miralenta.			Resy lahatra ny lehilahy amin'ny Miralenta ka mampandray anjara bebe kokoa ny vehivavy.		
	Fampianarana ny vehivavy mamaky teny sy manoratra.			50% ny vehivavy manantona ireo ivo-toerana fampianarana olon-dehibe hamaky teny sy hanoratra.		
II. LAMIN'ASA						
Fahazoana antoka fa hihatra eo anivon'ny Kaominina ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra. Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny herisetra ho vaindohan-draharaha.	Fametrahana ao anaty teti-bolan'ny Kaominina ny sora-bola ho an'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.	- Kaominina - Fokontany - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana - VOI	Tsy voafaritra mazava ny lamin'asa momba ny miralenta.	Nampiasaina araka ny tokony ho izy ny teti-bola kaominaly.	Desambra 2011	*Kaominina SAHA Gender Links*
	Fiaraha-miasa amin'ny ONG na VOI (Vondron'olona ifotony)			Fantatry ny vahoaka ny fanao tsara sy mahomby amin'ny ady amin'ny herisetra.	Desambra 2011	
	Fananganana Fikambanana			Voatsangana ny fikambanana		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	miady amin'ny herisetra.			miady amin'ny herisetra ary mandray avy hatrany ny andraikiny.		
III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
Vonjy taitra						
Toe karena sy famoronana asa						
Fitoviana eo amin'ny fahazoana asa eo amin'ny lahy sy ny vavy satri betsaka ny vehivavy tsy an'asa noho ny lahy.	Fampahafantarana ny vehivavy momba an'izay azony atao amin'ny fiharian-karena.	- Kaominina - Mpampiasa vola - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana	Mbola vitsy ireo vehivavy manana anton'asa raikitra.	Misy atrikasa momba ny fahafahana mahazo asa.	2011 – 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola* *ONG*
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy (Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Famongorana ny fahantrana						
Fametrahana sy fampiharana ny politikan'ny Miralenta ho fitsimbinana ny tokantrano tantanim-behivavy.	Fanomanana paikady hampihena ny fahantrana izay mampivoitra mazava tsar any tokantrano tantanim-behivavy.	- Kaominina - Mpampiasa vola - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana	Maro ireo vehivavy mamelom-batana. (mamelon-tena)	Tafapetraka ny paikady hampihenana ny fahatrana.	2011 – 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola*
	Famaritana ireo filàn'ny tokantrano tantanim-behivavy.			Voafaritra ny filàna sy ireo olana rehetra mifanaraka aminy.		
	Fanatontosana ireo dingana arahina voafaritry ny paikady.			Tanteraka ireo dingana arahina ao anaty paikady.		
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fampiroboroboana ny fandraisan'ny vehivavy anjara eo amin'ny sehatry ny fandraharahana izay misy rehetra.	Fanamorana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny famokarana sy ny famatsim-bola madinika.	- Kaominina - Mpampiasa vola - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana	Maro ireo sehatra tsy mbola ahitana vehivavy.	Hita taratra ny fiaraha-miasan'ny vehivavy sy ny mpamatsy vola. Tsy miankin-doha amin'ny lehilahy intsony ny vehivavy.	2011 - 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola*
	Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy.					
Sehatr'asa tsy manara-penitra						

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fanorenana fiaraha-monina hanjakan'ny Miralenta.	Fampidirana ireo mpivrotra amoron-dalana sy ireo vehivavy sahirana ho matihanina. Fampiofanana ireo vehivavy ho matihanina.	- Kaominina - FKT - Fikambanana - ONG	Betsaka ireo vehivavy sahirana no mivarotra eny amoron-dalana.	Tafiditra anatin'ny sehatra matihanina ny vehivavy sahirana. Mihatsara ny fitantanana taorian'ny fiofanana.	2011 - 2012	*Kaominina Mpamatsy vola*
INFRASTRUCTURE						
Toeram-ponenana						
Fahazoan'ny vehivavy kara-tany (fisoratana amin'ny tany)	Fanentanana ny vehivavy hisoratra amin'ny tany sy hangataka izany eny amin'ny BIF. Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy manoratra ny tany.	- Komitin'ny Miralenta - Kaominina - FKT - BIF	Vitsy ny vehivavy manana tany.	Voaentana ny vehivavy isam-pokontany amin'ny fanoratana ny tany sy ny fanamorana izany. 50% ireo vehivavy mahazo kara-tany. - Tapaky ny Mpanolontsaina kaominaly ny paiky hanamorana ny fanoratana ny tany.	janoary – martsa 2012	*Kaominina*
Fahazoan'ny vehivavy tranom-ponenana.	Fanatsarana ny toeram-ponenan'ny vehivavy amin'ny alalan'ny fanofanana azy ireo.	- Mpamatsy vola - Kaominina - FKT	Tsy misy fiofanana tao-javatra (momba ny fanorenana) azon'ny vehivavy.	Voahofana ireo vehivavy ary afaka manatsara na manangana toeram-ponenana mifanaraka amin'ny filàny.	janoary – martsa 2012	*Mpamatsy vola*
Fahazoan'ny vehivavy sy ny ankizivavy trano manara-penitra	Fananganana trano maro efitra.	- Kaominina - Mpamatsy vola - Tokantrano tsirairay - Ray aman-dreny fiangonana	Trano efitra iray isam-pianakaviana ny ankamaroan'ny trano misy.	Voasaraka efitra ny ray amn-dreny sy ny zanaka vavy.	2011 - 2012	*Kaominina Mpamatsy vola*
Fanajariana ny tokontany mba hanintona sy hate-honina.	Fambolena vonin-kazo ny tanana sy famefena ny toeram-ponenana.	- Kaominina - Tokantrano tsirairay - Fikambanana -Komitin'ny Miralenta	Trano fonenana tsy voafefy sy tsy voafaritra ary babangaona.	Voaaro sy mahate-hotia ny tokantrano tsirairay.	2011 - 2012	*Kaominina Mpiara-miombon'a ntoka Tokatrano*
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra						
Fametrahana paompy	Fitadiavana mpamatsy vola.	- Mpamatsy vola	Tsy ampy ny toerana	Voafaritra ary vita sonia ny	2011 - 2013	*Kaominina*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
manara-penitra isaky ny kartie anatin'ny Kaominina.		- Kaominina - Mpanolontsaina kaominaly - Fokontany - BIF	ahazoana rano fisotro madio ka miterka fahasahiranana eo amin'ny vehivavy.	fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny mpamatsy vola.		*Mpamatsy vola*
	Fijerena ifotony ireo toerana hametrahana paompy.			- voafaritra sy voasoratra amin'ny Kaominina ireo tany hametrahana paompy. - Paompy 3 isam-pokontany no voatsangana mizara amin'ireo kartie.		
TOTONLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA						
Fikajiana ny tontolo iainana	Fanentanana ny vehivavy sy ny Fikambanana amin'ny fambolen-kazo.	- Distrika - Kaominina - Fokontany - Fiangonana - Hery velona -Komitin'ny Miralenta	- Tsy fahampian'ny ranon'orana - Tsy fisian'ny toerana maitso (espace vert) - Miha-ringana ny ala noho ny doro tanety.	Voaentana ny vehivavy sy ny Fikambanana ka mahatsapa ny maha-sarobidy ny fambolen-kazo.	janoary 2012	*Kaominina Fokontany Ministera tompon'andraikitra*
	Fijerena ireo zana-kazo ho volena.			Mahazo zana-kazo 100 isam-pokontany ny Kaominina.		
	Fanomanana teti-andro hanatanterahana fambolen-kazo faobe.			Voapetraka ny teti-andro isan-taona hambolena ireo zana-kazo.		
Fahasalamana						
Fanatsarana ny tobim-pahasalamana ho manara-penitra araka ny filàn'ny vehivavy.	Fangatahana ataon'ny Kaominina ho fanatsarana ny CSB.	- Kaominina - Filankevitra - Komitin'ny Miralenta - Fikambanam-behivavy	Tsy mahavaly ny filàn'ny vehivavy ny CSB.	Mamaly ireo filàna fototry ny vehivavy ny CSB mba handrisika azy hanantona toeram-pitsaboana.	2011 - 2013	*Ministera tompon'andraikitra Mpamatsy vola*
Fanampiana ny isan'ireo mpiasan'ny fahasalamana.	Fangatahan'ny Kaominina eny anivon'ny Ministera mpiahy ny fampitomboana ireo mpitsabo ao amin'ny CSB.		Tsy ampy ny mpitsabo indrindra ny mpampivelona.	Tsy mivezivezy intsony ny vehivavy sy ny mponina rehefa mila fitsaboana fa ampy ireo mpiasan'ny fahasalamana mandray azy ireo.		
NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA						
Fisorohana						
Fanafoanana ny fihanaky ny SIDA.	Fanentanana ireo tanora sy mpivady amin'ny alalan'ny sarimihetsika (projection vidéo).	- Kaominina - Fiangonana - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana - CSB II - ONG	Maro ny olona voan'y aretina azo avy amin'ny firaisan'ny lahy sy ny vavy.	Voaentana ireo tanora sy mpivady isan-tokantrano sy toeram-piasana ka misoroka ny fifindran'ny MST.	Janoary – martsa 2012	*Mpamatsy vola Ministera mpiahy*
	Fikarakarana fitiliana tsimok'aretina SIDA ireo vehivavy, indrindra ny			95% ireo vehivavy voatily anisany ny bevohoka.		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	bevohoka.					
	Fizarana fimailo maimaim-poana.			Fimailo 20.000 no voazara.		
Fitsaboana						
Fanomezana fitsaboana sahaza ireo vehivavy voan'ny VIH/SIDA.	Fandrisihana sy fandresen-dahatra ny vehivavy voan'ny VIH/SIDA hamonjy tobim-pahasalamana.	- Kaominina - Fiangonana - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana - Hopitaly,CSB II - ONG		Manaraka fitsaboana sy fanaraha-maso ara-pahasalamana ireo vehivavy mitondra ny aretina.	2011 – 2012	*Kaominina Mpamatsy vola Ministera mpiahy*
Fanatan-jahatena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)						
IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO						
Fanomezana asa ny vehivavy eo anivon'ny Kaominina sy ny Fokontany.	Fanentanana ny vehivavy handray andraikitra.	- Kaominina - FKT - Komitin'ny Miralenta - Fikambanana	Vitsy ny vehivavy mandray andraikitra sy manolo-tena hiasa amin'ny Kaominina sy ny Fokontany.	Voaentana ny 60% ny vehivavy handray andraikitra mifanaraka amin'ny fahalalana ananany ao anatin'ny Kaominina sy ny Fokontany.	2012 - 2013	*Kaominina*
	Fifidianana vehivavy ho tompon'andraikitra.			Tonga laharam-pahamehana ho an'ny Kaominina sy ny Fokontany ny fandraisana vehivavy hiasa.		
Fifantenana sy fandraisana mpiasa						
Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fampiofanana ny mpiasa, indrindra ny vehivavy, mitàna andraikitra eo amin'ny Kaominina na Fokontany hahafehy ny asa.	Fampidirana vehivavy hatrany ho isan'ny mpiofana amin'ny tantsoroka ho an'ny Kaominina sy Fokontany.	- Kaominina - FKT - Mpiara-miombon'antoka	Tsy ampy ny fahaiza-manao hanatanterahana ny asa.	Mitombo ny fari-pahaizan'ny vehivavy amin'ny asa ataony sy ny fitantanana.	2011 - 2012	*Kaominina Fokontany*
Tontolon'ny asa						
Fikarakarana ny zanak'ireo vehivavy miasa.	Fanampiana ara-tsosialy ataon'ny mpampiasa.	- Kaominina - Mpampiasa - Komitin'ny Miralenta	Maro ny zanaky ny vehivavy miasa no tsy miditra an-tsekoly sy tsy voakarakara.	Voatsimbina ny ara-tsosialin'ny zaza : kit scolaire, karama mitovy amin'ny asa mitovy,...	2011 - 2012	*Mpampiasa*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Fahazoana antoka fa voahaja ny vehivavy eo amin'ny toeram-piasana.			Henoan –teny sy manan-danja ny hevitry ny vehivavy eo amin'ny tontolon'ny asa.		
V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA						
Rafitry ny miralenta						
Fananganana rafitra hiarovana ny vehivavy tsy hiharan'ny herisetra na ara-batana na ara-tsaina.	Fanentanana momba ny Miralenta eo anivon'ny Kaominina sy Fokontany. Fananganana Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.	- Kaominina - Komitin'ny Miralenta - Fokotany - Gender links - Hery velona	Vitsy ny mahalala ny Miralenta sy ny andraikitra sahanin'ny Komity.	95% ireo mponina ao anatin'ny Kaominina no mahalala ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra. Voatsangana ny Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ary miasa araky ny bokin'andraikitra.	Novambra – desambra 2011 (aorian'ny fiofanana)	*Kaominina*
Fanomezana toerana ny vehivavy amin'ny sehatra rehetra.	Fandrisihana ny vehivavy hamonjy fivoriana.	- Kaominina -Komitin'ny Miralenta - Sampandraha-raha miankina na tsia amin'ny fanjakana - Fokontany	Tsy mandray anjara sy tsy marisika ny vehivavy.	85% ireo vehivavy feno taona manatrika fivoriana.	Novambra 2011 (aorian'ny fiofanana)	*Kaominina*
Tetibola, fanaraha-maso sy tombana						
Fahazoana antoka fa misy teti-bola ho fampiroboroboana ny Miralenta ao amin'ny Kaominina.	Fanatanterahana sy fanjohiana ny teti-bola mifanaraka min'ny rafitra miralenta.	- Kaominina - Mpamatsy vola - Komitin'ny Miralenta -Mpanolontsaina	Tsy mpanohana ara-bola sy ara-pitaovana ny rafitry ny Miralenta.	Hita sy lanin'ny Filankevitra ao anatin'ny teti-bolan'ny Kaominina ny sora-bola ary voatanteraka (réalisation)	2012	*Kaominina*
Fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fampianarana hamaky teny sy hanoratra.	Fampianarana olo-be sy ankizy.	- Kaominina - FKT - Mpiara-miombon'antoka - Ministera mpiahy	Tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny 87% ny mponina indrindra ny vehivavy.	Mihena 80% ny tahan'ny tsy mahay mamaky teny sy manoratra.	2011 - 2015	*Kaominina Ministera mpiahy Mpamatsy vola*
Fanofanana mahakasika ny Miralenta sy ny fahaiza-manao.	Fanamorana ny fiofanana momba ny fahaiza-manao.	- Kaominina - FKT - Mpiara-	Tsy ampy ny fiofanana momba ny MIRALENTA sy ny fahaiza-manao.	Mahazo fiofanana avokoa ireo mangetaheta izany.	2012.	*Kaominina Mpamatsy vola*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Fanombanana ny vokatra avy amin'ny fiofanana.	miombon'antoka - Komitin'ny Miralenta		Fantatra ireo lesoka sy ny fahombiazana.		
TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY						
Fanohanana sy fanampiana						
Fametrahana drafitr'asa ho enti-manohana ireo iharan'ny herisetra.	Fananganana sy fanamafisana ny Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny Herisetra izay vita hofana.	- Kaominina - Fokontany - Mpiray dina - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra - Mpiara-miombon'antoka : ZP, Fikambanana, STD, CSB	Betsaka ireo iharan'ny herisetra no tsy misy mpijery ary mbola maro ny manaja ny fomban-drazana.	Voatsangana ara-dàlana ny Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.	2012	*Kaominina Mpamatsy vola Tsara sitrapo*
	Fijerena ireo herisetra isan-karazany misy.			Voafaritra ireo endrika herisetra mpahazo.		
	Fampidirana ireo sazy ampiharina amin'ireo olona tratra manao herisetra ao amin'ny Dina kaominaly.			Tafapetraka ny Dina kaominaly nankatoavin'ny Filankevitra kaominaly sy ny Tribonaly ary mihatra avy hatrany.		
	Fananganana trano ialofan'ireo iharan'ny herisetra.			Trano fialofana iray (1) no tafatsangana eo amin'ny Kaominina iasan'ny Komity Miralenta sy ady amin'ny herisetra ary mandray an-tanana na ara-kevitra na ara-pamatsiana ireo niharan'ny herisetra.		
	Fijerena akaiky ireo fanampiana azo atao ireo iharan'ny herisetra (masomboly, fitaovana, vola,...)					
Fandrindrana						
Fametrahana fiaraha-miasa mahomby amin'ireo tompon'andraikitra voakasiky ny ady amin'ny herisetra.	Fizarana ireo andraikitra isan-tsokajiny amin'ny ady amin'ny herisetra.	- Kaominina - CSB II - Zandarmaria - Fokontany - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra	Efa misy ny Komity fa tsy mirindra ny asany.	Voapetraka ny andraikitry ny tsirairay.	2011 - 2012	*Kaominina Mpamatsy vola*
	Fametrahana rafitra an-tanan-tohatra miara-miasa hiadiana amin'ny herisetra.			Rafitra ahitana vaomiera no tafatsangana.		
Momba ny vola omena hiasana						
Fananan'ny Kaominina loharanom-bola sy fitantanana amin'ny fomba mangarahara.	Fampidirana ao anaty teti-bolan'ny Kaominina ny ady amin'ny herisetra.	- Kaominina - ONG - Mpamatsy vola - Komitin'ny	Tsy misy teti-bola ao amin'ny Kaominina ho an'ny ady amin'ny herisetra.	Hita sy lanin'ny Filankevitra ao anatin'ny teti-bolan'ny Kaominina ny sora-bola ary voatanteraka (réalisation)	2011 - 2012	*Kaominina Mpamatsy vola / ONG Tsara sitra-*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Fitadiavana mpamatsy vola sy ONG hiara-hiasa.	Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra		Voafaritra sy vita sonia ny fifanaraham-piara-miasa amin'ny mpamatsy vola na ONG.		*po*
Fanaraha-maso sy tombana						
Fahazoana antoka fa voaisa sy voafehy ireo herisetra misy.	Fanaraha-maso ny fizotry ny asa atao : jerena raha mety ny asa, miasa ireo vola sy ireo fitaovana. Fanatanterahana ireo paikady rehetra napetraka.	- Kaominina - Komitin'ny Miralenta - Mpiara-miombon'antoka	Tsy misy ny fanaraha-maso sy ny tombona natao hatrizay.	Misy ny antotan'isan'ny iharan'ny herisetra ao amin'ny Kaominina ary voaaraka ny fiatrehana izany.	2011 -2012	*Kaominina*
Fiarovana						
Fiarovana ny vehivavy sy ny ankizivavy tsy iharan'ny herisetra.	Fanentanan'ny Komity eo amin'ny sehatra misy azy. Fivoriam-be-pokonolona hijerena ireo toerana mety hitrangan'ny herisetra. Famoahana Didim-pitondrana kaominaly (Arrêté communal) hanaovana andrimasom-pokonolona ireo toerana mampiahiahy mety hitrangan'ny herisetra. Fikapana ireo lobolobo eny amoron-dalana mihazo ny tsena.	- Kaominina - Vahoaka - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra	Tsy mandry fahalemana ny mponina lavitra ny lalana andehanana tongotra amin'ny asa andavan'andro.	Mahavita fanentanana isan-tokantrano ny Komity. Tanteraka ny fivoriam-be-pokonolona ary voafaritra ireo toerana atahorana hitrangan'ny herisetra. Mivoaka ny Didim-pitondrana kaominaly ary tafapetraka ny andrimasom-pokonolona isam-pokontany. Voakapa ireo lobolobo ka afa-mivezivezy tsy amin-tahotra ny zaza amam-behivavy.	2011 - 2012	*Kaominina*
Hetsika *fanentanana mba hahatonga saina ny olona*						
Fampahalalana ny lalana mifehy ny herisetra.	Fanaovana fanentanana amin'izay hetsika atao anatin'ny taona (16 days, 08 martsa,..) na rehefa misy famoriam-bahoaka. Fanaovana lamin'asa	- Kaominina - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra - FKT - Fikambanana	Tsy mbola nisy ny hetsika fanentanana nataon'ny Kaominina na Fokontany mikasika ny herisetra.	Mahavita hetsika isan-taona ny Kaominina mandritry ny 8 martsa, 25 nov – 10 des, fetin'ny ray,... sy ireo andro famoriam-bahoaka. Voapetraka ny lamin'asam-	2011 - 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola* *Tsara sitra-po*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	amin'ny asam-panentanana ataon'ny Komity (fitetezana Fokontany).			panentanana isam-pokontany ivelan'ny hetsika kaominaly amin'ny andro malaza.		
Ireo fanao tsara mampahomby indrindra						
Fitazonana sy fanaparitahana ireo fomba mahomby natao niadiana amin'ny herisetra.	Fanaovana (fandraiketana) boky kely ireo asa natao ka nahomby sy fanapariahana izany.	- Kaominina - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra - Mpiara-miombon'antoka - ONG	Tsy voaparitaka ireo fomba fanao tsara mahomby ka tsy fantatr'ireo iharan'ny herisetra.	Voatonta ireo boky kely toro-lalana ka voaely manerana ny Fokontany ao amin'ny Kaominina.	2011 - 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola* *ONG*
Setriny						
Fametrahana lamina maty paika sy maharitra nefa mahomby hiadiana amin'ny herisetra.	Fandaminana ireo trano ialokalofan'ireo iharan'ny herisetra (fialam-boly, boky, sary, fitaovana hialana voly, sarimihetsika, toeram-piofanana,...)	- Kaominina - Komitin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra - Mpiara-miombon'antoka - ONG	Tsy fantatr'ireo iharan'ny herisetra n tokony hataony (zo, trano fialofana sy fihainoana).	Mahazo mpiara-miombon'antoka ny Kaominina hanao ny fampitaovana ny trano fialofana.	2011 - 2012	*Kaominina* *Mpamatsy vola* *ONG*
	Fametrahana olona voahofana hamantatra ireo dona mpahazo ary hanoro sy hanitsy ireo iharan'ny herisetra amin'izay tokony hatao.			Voahofana ny olona handray ireo iharan'ny herisetra afaka hihaino sy hanoro ary hanaraka ny fitarainana.		

Tovana D: Workshop Evaluation

FORMULAIRE D'EVALUATION

Information Administratif

Sexe	Lahy : **03** vavy : **10**					
Firenena	MADAGASIKARA					
Kaominina	MANAMBINA					
Taona	12-17 : **00**	18-30 : **02**	31-40 : **03**	41-50 : **06**	51-60 : **01**	60+ : **01**
Fianarana	Ambaratonga voalohany **07**	Ambaratonga faharoa **05**	Oniversite **00**	Fanofanana arakasa **00**	Fampianarana olon-dehibe **00**	

Tsy nandia fianarana : 01

Tombana :

	tena tsara	**tsara**	**eo ho eo**	**ratsy**	**tena ratsy**
1 fizotry ny fandaharana	08	04	01		
2 momba ny fandaharana	08	03	02		
3 tahirinkevitra	02	05	05		01
4. fampitan'ny tomponandraikitra ny fiofanana	03	07	03		
5 asa isam-baomiera	00	10	03		
6 vokan-tsoa	05	05	03		
7 vokan-tsoa eo amin'ny fizotry ny fandaharana	03	07	02	01	
8 tombotsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana	06	04	03		
9 tombotsoa eo amin'ny fivelarana	04	07	02		
10 momba ny toerana , sakafo sns …	03	07	03		

Fanamarihana

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?
   - Laminasa
   - Fanaovana drafitrasa
   - Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fandaharana satria mazava tsara ny fanazavana azy
   - Fiofanana feno
   - Asam-baomiera
   - Fampiharana ny miralenta
   - Mikasika ny miralenta, ny antony mba hitovy zo sy mitovy andraikitra ny lahy sy vavy
   - Miralenta, herisetra satria hita aty aminay
   - Asa isam-baomiera satria nahafahana nazahoana ny zavatra rehetra eo amin'ny miralenta
   - Mikasika ny miralenta satria voaharo ny zon'ny vehivavy sy ny ankizy

2. Inona tamin'ny fandaharana no tena tsy nisy ny nilanao azy ? Antony?
    - Ilaina daholo satria iainana andavanandro
    - Tsy misy
    - Tsy misy satria ny fandaharana izay natao dia zava-dehibe daholo sady nahafinaritra
    - Lahy manao herisetra amin'ny vehivavy
    - Ny momba ny miralenta satria efa mavitrika ny vehivavy eo amin'ny laminasan'ny miralenta

3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?

    - Afaka manentana ny mpiray tanana
    - Amin'ny fiainana andavanandro
    - Ampihariko amin'ny fiainana andavanandro
    - Tena nety tamiko tsara ireo fampiharana ireo fahalalana
    - Mahalala ny zavatra tsy misy
    - Manao fanentanana aorian'ny fiofanana
    - Mba entina hanentanana ny vavy sy ny lahy mikasika ny miralenta
    - Fanentanana eo amin'ny fiaraha-monina
    - Nety teo amiko ireo fahalalana noratoviko teto amin'ny fiofanana satria voalaza tao daholo ny miralenta
    - Manantona ny lehiben'ny fikambanana ao amin'ny vehivavy

Fanamarihana hafa ?

- Mba ho lasa ho asa ny fiofanana na traikefa azo
- Mbola tokony ampiana ny fiofanana
- Tokony hisy matetika ny fiofanana ny miralenta aty aminay mba ahazahoana tsara ny atao hoe miralenta
- Tsy misy
- Tokony hitohy ny fiofanana
- Tokony hitohy foana ny miralenta toy izao
- Tokony haparitaka isam-pokontany